

S'encourager mutuellement

Par J. Anette Dennis

Première conseillère dans la présidence générale de la Société de Secours

Mifamporisika mba handresy

Nataon'ny Rahavavy J. Anette Dennis

Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany

Conférence générale d'octobre 2025

Seul le Seigneur connaît pleinement nos limites et notre capacité personnelles, et pour cette raison, il est le seul entièrement qualifié pour juger nos performances.

J'ai lu récemment une histoire qui m'a profondément touchée. Elle s'est déroulée au USA Masters Track and Field National Championship, une compétition pour les personnes âgées.

L'un des participants à la course du 1 500 mètres, Orville Rogers, était âgé de 100 ans. L'auteur a écrit :

« Lorsque le coup de pistolet de départ a retenti, les coureurs se sont élancés et Orville s'est immédiatement retrouvé en dernière position, où il est resté seul pendant toute la course en avançant très lentement. [Lorsque] le dernier coureur, à part Orville, a terminé la course, il lui restait encore deux tours et demi à parcourir. Près de 3 000 spectateurs sont restés assis calmement, le regardant faire lentement le tour de la piste, complètement seul dans un silence inconfortable.

« [Cependant], lorsqu'il a entamé son dernier tour de piste, la foule s'est levée en l'applaudissant pour l'encourager. Lorsqu'il a abordé la dernière ligne droite, la foule était en liesse. En entendant les encouragements enthousiastes de milliers de spectateurs, Orville a puisé dans ses dernières réserves d'énergie. La foule a explosé de joie lorsqu'il a franchi la ligne d'arrivée où les autres concurrents l'ont accueilli à bras ouverts. Humblement et reconnaissant, Orville a salué la foule

Ny Tompo irery ihany no mahafantatra feno ny fahalementsika sy ny fahafahana ananantsika tsirairay avy hanao zavatra, ary noho izany dia Izy tokana no mahafeno ny fepetra mba hitsara ny zava-bitantsika.

Vao haingana aho no namaky momba ny traikefa iray tena nampihetsi-po ahy. Nandritra ny fiadiana ny tompon-daka nasionalin'i Etazonia ho an'ny hazakazaka sy fanatanjahantena ho an'ny olona mihoatra ny 35 taona, fifaninanana ho an'ny efa zokinjokiny, no nitrangan'ily izy.

Iray tamin'ireo mpandray anjara tamin'ny hazakazaka 1.500 metatra i Orville Rogers izay 100 taona. Hoy ny mpanoratra:

“Rehefa nipoaka ny basy fanairana ny fanombohana dia nanainga ireo mpihazakazaka, ka i Orville avy hatrany no farany, ary izy irery hatrany no farany nandritra ilay hazakazaka manontolo, nitari-tongotra nandroso niadana tokoa. [Rehefa] nahavita ny anjarany ilay mpihazakazaka farany ankoatra an'i Orville, dia mbola nisy fihodinana roa sy tapany ny an'i Orville. Mpanatrika nananika ny 3.000 no nipetraka mangina nijery azy namita ilay hazakazaka tsimoramora— izy irery sisa no namita ilay hihazakazaka, tanaty fahanginana, izay tsy nampahazo aina.

“[Saingy] rehefa nanomboka ilay fihodinana farany izy dia nitsangana ny mpijery, nandrisika sy nitehaka. Rehefa tonga teo amin'ny dingana farany izy dia nihorakoraka ny vahoaka. Noho ny famporisihana nankahery nataon'ireo mpijery an'arivony, dia nanganonin'i Orville ny faraheriny rehetra. Nihoraky ny hafaliana ny olona rehefa nandringana ny tsipika famaranana izy ary nofihinin'ireo mpifaninana taminy izy. Nanofahofa tanana tamim-panetrentena sy tamim-pank-

et a quitté la piste avec ses nouveaux amis. »

C'était l'acmé de la course d'Orville dans cette compétition, et dans chacune des autres épreuves, il avait également terminé à la dernière place. Certaines personnes auraient été tentées de juger Orville, se disant qu'à son âge, il n'aurait même pas dû participer, qu'il n'avait pas sa place sur la piste, car il rallongeait considérablement les épreuves pour tout le monde.

Malgré le fait qu'il terminait toujours dernier, Orville a battu cinq records du monde ce jour-là. Personne parmi les spectateurs n'aurait cru cela possible, mais ni eux ni les autres coureurs n'étaient les juges. Orville n'a enfreint aucune règle et les organisateurs n'ont pas abaissé le niveau des exigences. Il a participé à la même compétition et a rempli les mêmes exigences que tous les autres coureurs. Toutefois, il a été tenu compte de son niveau de difficulté, en l'occurrence son âge et ses capacités physiques limitées, puisqu'il concourait dans la catégorie des 100 ans et plus. Et dans cette catégorie, il a battu cinq records du monde.

Tout comme il a fallu beaucoup de courage à Orville chaque fois qu'il s'est élancé sur cette piste, il faut également beaucoup de courage à certains de nos frères et sœurs pour s'engager chaque jour dans l'arène de la vie, sachant qu'ils risquent d'être jugés injustement, alors qu'ils font de leur mieux pour suivre le Sauveur et respecter les alliances qu'ils ont contractées avec lui malgré une adversité décourageante.

Peu importe où nous vivons dans le monde, peu importe, notre âge, nous avons tous fondamentalement besoin d'éprouver un sentiment d'appartenance, de savoir que nous sommes désirés et nécessaires, et que notre vie a un sens et un but, quelles que soient notre situation ou nos limites.

Pendant le dernier tour de piste, la foule a massivement encouragé Orville, lui donnant la force de continuer. Cela n'avait aucune importance qu'il finisse dernier. Pour les athlètes et la foule, c'était beaucoup plus qu'une compétition. De bien des façons, c'était un bel exemple de l'amour du Sauveur en action. Lorsque Orville a

asitrahana ny olona i Orville ary nandao ilay lalana fihazakazahana niaraka tamin'ireo namany vaovao."

Io no fifaninanafanindiminy nataon'i Orville, ary izy koano farany tamin'ny tsirairay avy tamin'ireo fifaninana hafa. Mety ho nalaim-panahy hitsaratsara an'i Orville ny sasany, ka nihevitra fa tsy tokony ho nandray anjara tamin'ny fifaninana izy raha ny taonany; tsy natao ho azy intsony ny fifaninanana hazakazaka satria mampiangry ela be ny olon-kafa isak'izay mandehaizy.

Kanefa na dia izy foana aza no farany dia nandresy ireo zava-bita tsara indrindra miisa dimy maneran-tany izy tamin'io andro io. Tsy nisy tamin'ireo nijery azy nihazakazaka no nino ny hitrangan'izany, kanefa samy tsy mpitsara na ny mpijery na ny mpifanandrina taminy. Tsy nisy lalana nodikain'i Orville, ary tsy nampidina fenitra ireo tompon'andraikitra. Nihazakazaka nitovy tamin'ny hafa izy ary nahafeno ireo fepetra nitovy tamin'ny an'ireo mpifaninana hafa. Fa ny fahasarotan'ny toe-javatra nisy azy, izay ny taonany sy ny herim-batany voafetra izany teto, no nokajiana ka nametraka azy tao amin'ny sokajin'ny olona mihoatra ny 100 taona. Ary tao amin'iosokajy io dia izy no nandresy ireo zava-bita tsara indrindra miisa dimy maneran-tany.

Nitaky herim-po lehibe tamin'i Orville ny namarana an'io hazakazaka io isak'izay mandeha ary mitaky herim-po lehibe tahaka izany koa ho an'ny sasany amin'ireo rahavavintsika sy anadahintsika ny mandia adim-piainana isan'andro, omban'ny fahafantarana fa mety ho voatsaratsara tsy ara-drariny izy ireo na dia manao izay tsara indrindra efany aza manoloana ireo fanamby mavesatra mifanesy mba hanarahana ny Mpamonjy sy hanajana ny fanekempihavanana nataon'izy ireo Taminy.

Na aiza na aiza misy antsika eto amin'izao tontolo izao, na firy na firy ny taonantsika, dia filana fototra ho antsikarehetran'ny mahatsapa ho manan-toerana, mahatsapa fa irina sy ilaina, ary manan-tanjona sy misy dikany ny fiainantsika na inona na inona toe-javatra misy antsika na sakana atrehantsika.

Tamin'ny fihodinana farany tamin'ilay hazakazaka, ny olona dia nandrisika tsisy ohatra izany an'i Orville, izay nanome tanjaka azy mba hanohy. Tsy nampaninona ny naha-farany azy. Ho an'ireo mpandray anjara sy ny olona, dia mihoatra lavitra noho ny fifaninanana ilay izy. Io no ohatra kanto sy velona maneho ny fiasan'ny fitia-

terminé, ils se sont tous réjoui ensemble.

Tout comme le Masters Championship, nos assemblées et notre famille peuvent être des lieux de rassemblement où nous nous encourageons mutuellement – des communautés d’alliances nourries par l’amour du Christ les uns pour les autres – nous aidant à surmonter les difficultés que nous rencontrons, nous apportant force et soutien sans nous juger les uns les autres. Nous avons besoin les uns des autres. La force divine vient de l’unité c’est pourquoi Satan cherche à nous diviser.

Malheureusement, pour certains d’entre nous, il peut parfois être difficile d’assister aux réunions de l’église pour diverses raisons. Ce peut être causé par des questions spirituelles, de l’anxiété sociale ou une dépression. C’est peut-être lié au fait d’être d’une ethnie ou d’un pays différent, ou d’avoir des expériences de vie ou des points de vue différents qui font penser à une personne qu’elle n’arrivera jamais à s’intégrer. Il peut même s’agir de parents en manque de sommeil et épuisés émotionnellement par des bébés et de jeunes enfants ou de quelqu’un qui est célibataire dans une assemblée remplie de couples et de familles. Ce peut être une personne ayant besoin de trouver le courage de revenir à l’église après des années d’absence ou rongée par l’idée qu’elle ne sera jamais à la hauteur ni à sa place.

Russell M. Nelson a dit : « Un couple de votre paroisse qui divorce, un jeune qui rentre prématurément de mission ou un adolescent qui remet son témoignage en question n’ont pas besoin de votre jugement. Ils ont besoin de percevoir l’amour pur de Jésus-Christ dans vos paroles et vos actions. »

Notre expérience à l’église est destinée à créer des liens essentiels avec le Seigneur et entre nous, si précieux pour notre bien-être émotionnel et spirituel. Un élément inhérent aux alliances que nous contractons avec Dieu, tout d’abord au baptême, est notre responsabilité de s’aimer et de se soutenir les uns les autres en tant que membres de la famille de Dieu, membres du corps du

van’ny Mpamonjy tamin’ny fomba maro. Rehefa nahavita ny hazakazaka i Orville, dia niara-paly izy rehetra.

Tahaka ilay fiadiana tompon-daka ho an’ny olona mihoatra ny 35 taona, ny fiangonantsika sy ny fianakaviansika dia afaka ny ho toeram-pivorianana hahafahantsika mifamporisika mba handresy—fiarahamonin’ny mpanao fanekem-pihavanana entanin’ny fitiavana an’i Kristy sy ny tsirairay avy—mifanampy handresy izay mety ho olona atrehantsika, mifanome hery sy mifankahery tsy arahina fifampitsaratsarana. Milany tsirairay avy amin’ny isika. Ny firaisan-kina no loharanon’ny hery avy amin’ Andriamanitra, ary izany no antony anirian’i Satana hampisara-bazana antsika.

Indrisy anefa fa noho ny antony maro samihafa dia mety ho sarotra amin’ny sasany amin-tsika indraindray ny mankany am-piangonana. Mety ho olona mitolona amin’ireo fanontaniana ara-pinoana na olona miatrika tahotra ny fiarahamonina na rarin-tsaina izy. Mety ho olona avy amin’ny firenena, firazanana hafa izy, na olona nandia lalam-piainana hafa na manana fomba fijery hafa izay mety mahatsapa ho samy hafa be amin’ny rehetra izy. Mety ho ray aman-dreny mitaiza kely tsy ampy torimaso sy manana olona ara-pihetseham-po noho ny fikarakarana ny zanany izany na olona token-tena ao anivon’ny mpiangona feno olona manambady sy fianakaviana. Mety ho olona manangona ny herim-po rehetra mba hiverenana rehefa avy nisintaka an-taonany maro koa izy na olona mahatsapa lalandava ho tsy mahavita azy na tsy manan-toerana.

Nilaza ny Filoha Russell M. Nelson hoe: “Raha misy mpivady misaram-panambadiana ao amin’ny paroasinareo, na misy misiônera tanora nody alohan’ny fotoana, na misy zatovo miahiahy ny amin’ny fijoroana ho vavolombelona ananany, dia tsy mila ny fitsaratsaranareo izy ireo. “Mila miaina ny fitiavana madion’i Jesoa Kristy izay hita taratra ao amin’ny tenin[tsika] sy ny zavatra ataon[tsika] izy ireo.”

Ny zavatra iainantsika any am-piangonana dia natao hampisy fifandraisana manan-danja amin’ny Tompo sy amin’ny tsirairay izay tena ilaina amin’ny fahasalamantsika ara-panahy sy ara-pihetseham-po. Tafiditra ao amin’ny fanekem-pihavanana ataontsika amin’ Andriamanitra, miantomboka amin’ny batisa, ny andraikitsika mba hifankatia sy hifampikara-

Christ, mais pas seulement pour cocher une case sur une liste de choses à faire.

L'amour et le soin que nous prenons les uns des autres à la manière du Christ est d'une nature plus élevée et plus sainte. L'amour pur du Christ est la charité. Russell M. Nelson a enseigné : « La charité nous pousse à 'porter les fardeaux les uns des autres' [Mosiah 18:8] et non à se lesamoceler les uns sur les autres. »

Le Sauveur a dit : « À ce point nous reconnaitrons que vous êtes mes disciples, si vous avez de l'amour les uns pour les autres. » Russell M. Nelson a ajouté : « La charité est la caractéristique principale d'un vrai disciple de Jésus-Christ. [...] Le message du Sauveur est clair : ses vrais disciples édifient, élèvent, encouragent, persuadent et inspirent. [...] La façon dont nous nous adressons à d'autres personnes et parlons d'elles [...] importe vraiment. »

Les enseignements du Sauveur à ce sujet sont très simples. Ils sont résumés dans la règle d'or : Tout ce que vous voulez que les hommes fassent pour vous, faites-le de même pour eux. Mettez-vous à la place de cette personne et traitez-la comme vous aimeriez être traité si vous étiez à sa place.

Traiter les autres à la manière du Christ s'étend largement au-delà de notre famille et de nos assemblées. Cela inclut nos sœurs et nos frères d'autres confessions ou sans confession du tout. Mais aussi ceux qui viennent d'autres pays ou cultures, ou qui ont des opinions politiques différentes des nôtres. Nous faisons tous partie de la famille de Dieu et il aime tous ses enfants. Il désire que ses enfants l'aiment l'un et l'autre.

La vie du Sauveur était un exemple d'amour, il rassemblait et édifiait même ceux que la société avait jugés comme parias et impurs. Il est un exemple qu'il nous est commandé de suivre. Nous sommes ici pour acquérir les attributs du Christ et devenir un jour comme notre Sauveur. Son Évangile n'est pas une liste de tâches à effectuer, c'est un Évangile de changement, pour devenir comme lui et aimer comme il le fait. Il veut que nous devenions un peuple de Sion.

À la fin de ma vingtaine, j'ai traversé une

karaamin'ny maha olona ao amin'ny fianakavian' Andriamanitra sy anisan'ny vatan'i Kristy antsika, fa tsy hanisy marika ireo lisitry ny asa mila atao fotsiny.

Avo sy masina kokoa ny fitiavana sy ny fikarakarana tahaka ny an'i Kristy. Ny fiantrana no fitiavana madion'i Kristy. Nampianatra ny Filoha Nelson hoe: "Ny fiantrana no manosika antsika -hifampitondra ny enta-mavesatra- [Môzià 18:8] toy izay hampavesatran'ny entanalanjain'ny tsirairay".

Hoy ny Mpamonjy: "Izany no ahafantaran'ny olona rehetra fa mpianatro hianareo, raha mi-fankatia". Ary nampian'ny Filoha Nelson hoe: "Ny fiantrana no toetra fototra ananan'ny mpanaradia marina an'i Jesoa Kristy". "Mazava ny hafatry ny Mpamonjy: Ny mpiananymarinadia olona manatsara toetra, mampitraka, mankahery, mandresy lahatra, ary manentana ny fanahy. ... Tena manan-danja ny fomba firesantsika amin'ny hafa."

Tsotra be ny fampianaran'ny Mpamonjy momba izany. Voafintina ao amin'ny Lalàna Volamena izany: Ataovy amin'ny hafa izay tianao hataony amina. Mipetraka eo amin'ny toeran'ilay olona dia ataovy amin'izy ireo ny zavatra tianao hatao amina raha ianao no teo amin'ny toeran'izy ireo.

Tokony ho entintsika amin'ny fomban'i Kristy ny olon-kafa ankoatran'ny fianakaviansika sy ny mpiara-mivavaka amintsika. Tafiditra ao anatin'izany ny rahavavintsika sy anadahantsika any amin'ny antokom-pinoana hafa na tsy mino akory aza. Tafiditra ao anatin'izany koa ny anadahantsika sy rahavavintsika avy amin'ny firenen-kafa sy kolontsaina hafa sy ireo hafa firehena ara-politika. Anisan'ny fianakavian' Andriamanitra isikarehetra ary tiany avokoa any zanany rehetra. Tiany ny hitiavan'ny zanany Azysy ny hifankatian'izy ireo iany koa.

Ny fiainan'ny Mpamonjy no ohatra amin'ny fitiavana, fanangonana ary fankaherezana na dia ireo izay nailikiliky ny fiarahamonina sy notsarin'ny fiarahamonina ho maloto aza. Izy no ohatra andidiana antsika mba harahintsika. Tonga eto isika mba hanana ireo toetra tahaka ny an'i Kristy sy ho lasa tahaka ny Mpamonjy antsika amin'ny farany. Tsy ny hamita lisitr'asa fotsiny no tian'i Jesoa Kristy ataontsika fa ny hiovantsika koa, ho lasa tahaka Azysy hitia tahaka Azy. Tiany ho lasa vahoakan'i Ziona isika.

Talohan'ny naha-30 taona ahy dia niaina

période de profonde dépression et, pendant cette période, c'était comme si la réalité que Dieu existait avait soudainement disparue. Je ne peux pas vraiment expliquer ce que je ressentais, mais je me sentais complètement perdue. Depuis que j'étais petite fille, j'avais toujours su que mon Père céleste était là et que je pouvais lui parler. Mais pendant cette période, je ne savais plus s'il y avait un Dieu. Je n'avais jamais rien vécu de semblable auparavant et j'avais l'impression que toutes mes croyances fondamentales s'écroulaient.

Pour cette raison, j'avais du mal à aller à l'église. J'y allais, mais c'était en partie parce que j'avais peur qu'on dise que j'étais « non pratiquante » ou « moins fidèle » et je craignais de devenir un « projet » attribué à quelqu'un. Ce dont j'avais vraiment besoin à ce moment-là, c'était de ressentir l'amour, la compréhension et le soutien sincères des gens autour de moi, et non d'être jugée.

Certaines des suppositions que je craignais que les gens fassent à mon sujet, je les avais moi-même faites à propos d'autres personnes quand elles n'assistaient pas régulièrement aux réunions de l'Église. Cette expérience personnelle douloureuse m'a appris des leçons précieuses sur les raisons pour lesquelles il nous est commandé de ne pas nous juger injustement les uns les autres.

Y a-t-il parmi nous des personnes qui souffrent en silence, craignant que leurs combats cachés ne soient découverts parce qu'elles ne savent pas comment les autres réagiront ?

Seul le Seigneur connaît pleinement le niveau réel de difficulté avec lequel chacun de nous mène sa vie, les fardeaux que nous portons, les difficultés et les obstacles que nous affrontons et qui sont souvent invisibles aux yeux des autres. Lui seul comprend pleinement les blessures et les traumatismes qui ont bouleversé la vie de certains d'entre nous dans le passé et qui continuent de nous affecter aujourd'hui.

Souvent, nous nous jugeons nous-mêmes sévèrement, pensant que nous devrions être bien plus loin sur le chemin. Seul le Seigneur connaît pleinement nos limites et notre capacité personnelles, c'est pourquoi il est le seul pleinement qualifié pour juger nos performances.

Sœurs et frères, soyons comme les spectateurs de cette histoire et encourageons-nous mutuellement dans notre parcours de disciple, peu

rarin-tsaina mafy aho ary nandritra io fotoana io dia toy ireny hoe foana tampoka teo ireny ny fisian' Andriamanitra. Tsy haiko loatra ny manazava ilay fahatsapana ankoatra ny hoe nahatsapa ho very tanteraka aho. Hatramin'ny fahakeliko aho dia nahafantatra foana fa teo ny Raiko any An-danitra ary afaka niresaka Taminy aho. Fa tamin'io fotoana io dia tsy fantatro intsony hoenisy Andriamanitra. Tsy mbola niaina zavatra toy izany aho teo amin'ny fiainako ary toa rava avokoa ny fototry ny finoako.

Vokatr'io dia sarotra ho ahy ny fankanesana tany am-piangonana. Nandeha aho, saingy tamin'ny ampahany dia noho ny tahotra ny ho antsoina hoe “malaindaina” na “tsy mahatoky firy”, no nandehanako ary natahotra ny ho lasa asa nampiantraiketana ny olona. Ny tenanilaikotamin'io fotoana io dia ny nahatsapa fitiavana sy fahatakarana ary fanohanana tena marina avy tamin'ireo olona manodidina ahy, fa tsy fitsaratsarana.

Ny sasany tamin'ireo petrakevitra natahoko ho nataon'ny hafatamikoridiana nataokotamin'ny hafa rehefa nanapata-paka tsy niangonaizy ireo. Io zavatra niainana naharary nanjo ahy io dia nampianatra ahy lesona manan-danja momba ny antony nandidiana antsikatsy hifampitsara tsy ara-drariny.

Misy ve eo anivontsika ireo izay mijaly mangina, matahotra ny hahafantaran'ny hafa ny tolona mifafina atrehan'izy ireo satria tsy fantatr'izy ireo ny mety ho fihetsika hasetry izany ?

Ny Tompo irery ihany no mahafantatra feno ny fahasarotan'ny toe-javatra iainan'ny tsirairay avy amintsika eo amin'ny hazakaza-piainantsika—ireo vesatra, fanamby ary sakana atrehan-tsika izay matetika no tsy afaka ny ho hitan'ny hafa. Izy irery ihany no mahatakatra feno ireo ratra mampitondra takaitrasy tahotra mety ho niainan'ny sasany tamintsika taloha izay mbola miantraika amintsika ankehitriny.

Matetika isika no mitsara mafy na dia ny tenantsika aza; miera treritra fa tokony ho lasa lavitra be kokoa teo amin'ny hazakazatsika. Ny Tompo irery ihany no mahafantatra feno ny fahalemantika sy ny fahafahantsika tsirairay avy manao zavatra, ary noho izany dia Izy tokana noma-hafenony fepetra mba hitsara ny zava-bitantsika.

Ry rahavavy sy ranadahy isany, andeha isika ho toa an'ireo mpijery tao amin'ilay tantara ka hifamporisika eo amin'ny dian'ny maha mpianatra

importe notre situation ! Il n'est pas nécessaire d'enfreindre des règles ou d'abaisser le niveau des exigences. C'est en fait le deuxième grand commandement, aimer notre prochain comme nous-mêmes. Et, comme notre Sauveur l'a dit : « Toutes les fois que vous avez fait ces choses à l'un de ces plus petits de mes frères, c'est à moi que vous les avez faites », bonnes ou mauvaises. Il nous a aussi dit : « Si vous n'êtes pas un, vous n'êtes pas de moi. »

Dans la vie de chacun de nous, il y aura des moments où nous serons ceux qui ont besoin d'aide et d'encouragement. Engageons-nous dès maintenant à toujours nous soutenir les uns les autres. En agissant ainsi, nous parviendrons à une plus grande unité et donnerons au Sauveur l'occasion d'accomplir son œuvre sacrée, celle de guérir et de transformer chacun de nous.

À chacun de vous qui avez peut-être l'impression d'être très à la traîne dans la course de la vie, ce voyage dans la condition mortelle, n'abandonnez pas. Seul le Sauveur peut juger pleinement où vous devriez être aujourd'hui, et il est compatissant et juste. Il est le grand juge de la course de la vie et le seul à comprendre pleinement le niveau de difficulté selon lequel vous courez, marchez ou avancez lentement. Il tiendra compte de vos limites, de vos capacités, de votre vécu, des fardeaux cachés que vous portez, ainsi que des désirs de votre cœur. Vous êtes peut-être en train de battre des records du monde symboliques. Ne perdez pas espoir. Continuez d'avancer ! Restez ! Vous avez votre place ici ! Le Seigneur a besoin de vous et nous avons besoin de vous !

Où que vous viviez dans le monde, aussi loin que cela puisse être, n'oubliez jamais que votre Père céleste et votre Sauveur vous connaissent parfaitement et vous aiment d'un amour parfait. Ils ne vous oublient jamais. Ils veulent vous ramener à eux.

Gardez les yeux fixés sur le Sauveur. Il est votre barre de fer. Ne le lâchez pas. Je témoigne qu'il vit et que vous pouvez lui faire confiance. Je

antsika na inona na inona toe-javatra iainantsika! Tsy mitaky ny handikantsika lalàna na hampidinantsika fenitra izany. Raha ny marina dia izany no didy lehibe faharoa—mitia ny namantsika tahaka ny tenantsika. Ary araka ny nolazain'ny Mpamonjy antsika hoe: “Araka izay efa nataonareo tamin'ny anankiray amin'ireto ... kely indrindra ireto no nataonareo tamiko”, na tsara izany na ratsy. Nilaza tamintsika koa Izy hoe: “Aoka ho iray ianareo; ary raha tsy iray ianareo dia tsy Ahy”.

Hisy fotoana isika eo amin'ny fiainantsika tsirairay no ho ireo izay mila fanampiana sy fankaherezana. Andeha isika hanolo-tena izao mba hanao izany lalandava amin'ny tsirairay avy amin'ny tsika. Rehefa manao izany isika dia hanana firaisan-kina lehibe kokoa sy hampisy sehatra hanaovan'ny Mpamonjy ny asa fanasitranana masina ataony sy hanova ny tsirairay avy amin'ny tsika.

Ho an'ny tsirairay avy aminareo izay mety mahatsapa ho vodilahanana eo amin'ity hazakaza-piainana ity, ity dia eto an-tany ity, dia mian-gavy anareo aho hitozo hatrany. Ny Mpamonjy irery ihany no afaka mitsara feno ny toerana tokony hisy anao amin'izao fotoana izao, ary Izy dia mahari-po sy marina. Izany ilay Mpitsara Lehibe amin'ilay hazakaza-piainana ary Izy irery ihany no mahatakatrafenony fahasarotan'ny toe-javatra iainanao eo am-pihazakazahanao na eo am-pandehananao na eo am-pitarihanao ny tongotrao. Hokajiany ireo fahalamenao, ny fahai-za-manao, ireo zavatra niainanao teo amin'ny fiainana ary ireo enta-mavesatra tsisy mpahita entinao mbamin'ireo fanirian'ny fonao. Raha ny marina, dia mety handresy ireo zava-bita tsara indrindra ara-tandindona maneran-tany koa ianao. Miangavy anao tsy hanary fanantenana. Miangavy anao aho hitozo hatrany! Miangavy anao aho mba hijanona! Manan-toerana ianao. Mila anao ny Tompo ary mila anao izahay!

Na aiza na aiza misy anao eto amin'izao tontolo izao, na lavitra toy ny ahoana aza ny misy anao, dia miangavy anao aho hahatsiaro mandrakariva fa mahafantatra anao tanteraka ny Ray any An-danitra sy ny Mpamonjy ary lavorary ny fitiavan'Izy Ireo anao. Tsy adinovelively ianao amin'Izy Ireo. Izy Ireo dia maniry ny hitondra anao hiverina any amin'Izy Ireo.

Mampandria sofina amin'izay lazain'ny Mpamonjy amina sy izay tiany ho fantatrao. Izany anja-binao. Tandrovany ny fifandraisana

témoigne aussi qu'il vous encourage.

Je prie pour que nous suivions tous l'exemple
du Sauveur et nous encourageons mutuellement.
Au nom de Jésus-Christ. Amen.

Aminy. Mijoro ho vavolombelona aho fa velona Izy aryafakamitoky Aminy ianao. Mijoro ho vavolombelona ihany koa aho fa mamporisika anao Izy.

Enga anie isika hanaraka ny ohatra nasehon'ny Mpamonjy syhifamporisika. Izany no vavaka ataoko amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena.